INO MALAZA N°9

“Ireo trangan-javatra nandritra ny faramparan’ny taona” :

- Eny, ho an’ny fampandrosoana, saingy ho an’ny rehetra-Fiofanan’ny mpanentana
- Famakiam-boky mifindrafindra ao amin’ny Kartie
- Fanombohan’ny « Université Populaire-n’ny vahoaka madinika eo Antananarivo ka ny lohahevitra dia mikasika ny sekoly »
- Ny 17 oktôbra 2015
- Andro iraisam-pirenena ho fanajana ny Zon’ny ankizy
- Atrikasan’ny tanora sy ny fanadiovana
- Vaovaon’ny mpikambana ATD Quart Monde

INO MALAZA
ATD QUART MONDE
N° 009 / Desambra 2015 / www.atd-quartmonde.org

MATOAN-DAHATSORATRA

Eny ho an'ny fampandrosoana, saingy ho an'ny rehetra!

Denis GENDRE

Volana vitsivitsy izao no niheverana ny hanovana endrika an'Antananarivo. Fanalalahana ny lalana, fanamboarana lalana vitsivitsy hanamora ny fifamoivoizana, fanovana endrika ny kartie, ets. Lasa laharam-pahamehana ny fikatsahana izay hanatsarana ny fiainana amin'izay lafiny izay eto Antananarivo. Samy manaiky ny fanatontosana ireo tetikasa goavana ireo ny rehetra. Ny rehetra ve? Amin'ny lafiny inona no ilazana fa tena tombon-tsoa ho an'ny rehetra ireo? Eto izao dia olona vitsy kely sisa afaka manasa lamba eo amin'ny toerana fanasa-damban'ny mponina,vokatry ny fanavaozana azy io. Lasa andoavam-bola be ny fampiasana azy. Maro ankehitriny ny mantsaka rano amin'ny daba dia manasa any aminy, na koa mandeha manasa lamba eny an-tanimbary, noho io antony voalaza io. Ankoatra ny fanilikilihana, ny fampandrosoana toy io, dia miteraka voka-dratsy eo amin'ny lafiny ara-pahasalamana. Etsy an-daniny, ny tetikasa fanamboaran-dalana dia androahana mponina efa navenjivenjy tetsy sy teroa. Taona vitsivitsy lasa izay dia nonina teto an-tampon-tanàna izy ireo, saingy noraofina andro alina tamin'ny